



**USAID**  
DU PEUPLE AMERICAIN



# Fanadiovana tanteraka tarihin'ny fokonolona

COMMUNITY-LED TOTAL SANITATION (CLTS)



BOKY MPIOFANA



BushProof



# LASI-PIOFANANA

## Fanadiovana tanteraka tarihin'ny fokonolona

COMMUNITY-LED TOTAL SANITATION (CLTS)



# TENY FANOLORANA



Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia mianga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrhana feno ny tolatra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.

Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagaskara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahanty olona rehetra ny tolatra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.

Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolatra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterehana fitondran-tena arapahasalamana sy ny fampiasana io tolatra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolatra rano, fanadiovana sy fidiovana.

Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novololaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bit.

Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpaintsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.



# FANAFOHIZAN-TENY

CLTS	Community-Led Total Sanitation Community-Led Total Sanitation na Fanafoanana ny Fangerena ankalamanjana
DAL	Défécation à l'air libre na Fangerena ankalamanjana
FDAL	Fanafoanana ny Fangerena ankalamanjana
FMT	Fanadiovana miankina amin'ny tsena
FUM	Follow-up Mandona
PAFII	Pitson'asa azo tanterahina izao dia izao
RFF	Rano, Fanadiovana, Fidiovana
ZDAL	Zone de défécation à l'air libre



RANO WASH / Photos : Dahery Razaka Ratenionanana



# Andiany I

---

## LALANTSAINA FOMBA FIASA COMMUNITY-LED TOTAL SANITATION (CLTS) FANADIOVANA TANTERAKA TARIHIN'NY FOKONOLONA

I. Lalantsaina  
fomba fiasa  
fanadiovana  
tanteraka  
tarihin'ny  
fokonolona  
na CLTS



**INONA NO ATAO HOE :  
"MANGERY ENY  
ANKALAMANJANA ? "**

Mampiharihary ny tay ka mahatonga azy makany am-bavan'ny tena na any ambavan'ny hafa.

1

Fangerena eny ivelan'ny kabone (ankalamanjana sy hita maso, anaty ala, alakafe, antanimbary na antanimboly, amoron-drano na anaty rano, sns).



2

Fangerena amin'ny kabone lavaka tsotra tsy misarona na tsy mirakotra.



3

Tsy fanasana tanana amin'ny rano sy savony na lavenona aorian'ny fangerena, fifirana na famirana zaza.



4

Tsy famehezana ny fitaovana nifirana na tatin-jaza na kilaoty nisy tay anaty fitoerana misarona.



## FA MANINONA NO MIADY AMIN'NY : "MANGERY ANKALAMANJANA"?



Miteraka aretina maro: fivalanana, bilarziozy, lefakozatra, fiantraikany amin'ny fitomboan'ny zaza, sns.

## **INONA NO ATAO MBA HANAFOANANA NY FANGERENA ANKALAMANJANA ?**



1. Foanana sy hatsaraina ny toerana fangerena ankalamanjana rehetra
2. Mampiasa kabone arapahasalamana tsy misy hivezivezen'ny lalitra (lavaka misarona na kabone misy fipetrahana misarona), saromana ireo toerana fametrahana ny fitaovam-pifirana sy ny tatin-jaza avy nampiasaina
3. Sasana amin'ny savony ny tanana aorian'ny mangery, mamitra na manolo zaza.

## **OVIANA NO TAPITRA NY FANGERENA ANKALAMANJANA ?**

1. Foana, izany hoe: “voadio sy voajary” ny toeram-pangerena ankalamanjana taloha
2. Mangery anaty kabone arapahasalamana ny tokantrano rehetra
3. Manarona ny lavaka kabone sy ireo toeram-pametrahana fitaovam-pifirana sy ny tatin-jaza avy nampiasaina ny fokonolona
4. Mangery anaty lavaka sy manototra izany, ho vahaolana vonjimaika, mandram-pahavitany kabone
5. Manasa tanana amin'ny savony aorian'ny mangery, mamitra, na manolo zaza.

## Andiany 2

---

### NY MAMPIAVAKA NY CLTS

- Fanadihadian'ny samy mpiara-monina mikasika ny endriky ny fahasalamana eo aminy



- Tsy fanomezana fanampiana ny tokantrano tsirairay amin'ny lafiny fitaovana na vola



- Fanamafisana ny firaisan-kinan'ny mpiara-monina, ny isan-tokantrano ary ny fifanomezan-tanana



- Fipoirana mpitarika voajanahary avy ao amin'ny samy mpiara-monina; mpitari-dalana ny mpiara-monina rehetra hiala amin'io fomba fangerena ankalamanjana io.





- Fampiroborobona ny hevitra vaovao mipoitra eo an-toerana mikasika ny kabone mora vidy sady mampiasa zavamisy eo an-toerana



- Fanomezana loka na sazy, araka ny fifanarahan'ny mpiara-monina



- Fanapariahana amin'ny faritra hafa rehetra izay hevitra vaovao mipoitra eo an-toerana




- Fanitarana ity fomba ity amin'ny fanadiovana



- Fanomezana mari-pamantarana ny tanàna afaka amin'ny fangerana ankalamajana.

## FANAMORANA CLTS

Famporisihina ny  
fiaraha-monina  
handinika ny zava-  
misy eo amin'ny  
alalan'ny  
fanontaniana  
maromaro misokatra  
sy mampieritreritra



Famelana ny fiaraha-  
monina hitady sy  
hahita ny  
vahaolan'izy ireo

Tsy famatsiana ara-  
pitaovana ny faritra  
hiasana

Tokony miteraka  
hetsika hiarahan'ny  
mpiara-monina  
rehetra, haingana,  
manaraka ny  
laharam-pahameana

Tsy fitsabahan'ny  
mpanamora amin'ny  
fandraisana  
fanapahan-kevitra


Tanjona faritana  
fialàna tanteraka  
amin'ny fangerena  
ankalamanjana

**Fampiasana mivantana  
ny hoe tay**

**Fampiasana fomba  
fiteny mampihomehy sy  
mahatonga saina**

**Fampiasana ny  
henatra, ny  
fahafintohinana ary ny  
rikoriko handresena  
lahatra**

**Fanadihadiana ny  
fomban'ny mpiara-  
monina**



**Fanamorana ny  
fandraisana  
fanapahan-kevitry ny  
mpiara-monina**

**Famporisihina ny  
tompon-tanàna  
hitsidika ny faritra  
tena maloto sy  
mamparikoriko ny  
olona eo amin'ny  
manodidina**

## FEPETRA MAMPAHOMBY NY CLTS

### I - FANOHANAN'NY MANAM-PAHEFANA

- Manam-pahefana ara-panjakana : lehiben'ny distrika, ben'ny tanàna, sefo fokotany.
- Manam-pahefana nentim-paharazana : Tangalamena, Ampanjaka.
- Manam-pahefana ara-pivavahana na ireo mpitondra fivavahana misy eo an-tanàna.

### 2 - FITONDREN-TENAN'NY MPANAMORA SY NY FIHETSINY



- Mavitrika
- Mahay mihaino
- Manana fahasahiana
- Mahatanty rikoriko
- Malala-tsaina
- Mahay mampilalao
- Tsara fiomanana.

## DINGANA ARAHINA AMIN'NY FOMBA FIASA CLTS

### I. MISAFIDY ILAY TANÀNA STRATEJIKA HANAOVANA FANAIRANA NA "VILLAGE STRATEGIQUE"

DINGANA

#### Fepetra fototra

- Voamarina fa misy endrika fangerena ankalamajana
- Mitoetra amoron'ny renirano, ambanin'ny loharano
- Tsy miparitaka fa mifanaraka ny misy ireo trano
- Ahitana tokantrano 10 hatramin'ny 30 (raha mpanamora mbola tsy ampy fahazarana)
- Mbola tsy nanaovana asa fanampiana mahakasika ny fanadiovana na nanaovana fanairana
- Maro mpandalo, mifanerasera amin'ny tanàna hafa ka mety mahatonga ireo ihany koa hiala amin'ny fangerena ankalamajana.

#### Fepetra fanampiny

- Mafy fitsipika na manana lalàm-piarahamona matanjaka mifehy
- Ahitana vehivavy sy olona marefo
- Ahitana VOAMAMI
- Mpihavana avokoa ireo mpiara-monina na mitovy firazanana na foko
- Tsy manamorona ny lalam-pirenena
- Tsy mandeha matetika (mila ravinahitra any ivelan'ny tanàna mandridra ny fotoana maharitra) ireo mponina.

## **2. MANOMANA NY FOTOANA FANAIRANA NA "DÉCLENCHEMENT"**

### **Mihaona amin'ny manam-pahefana**

- Ahafantarana bebe kokoa ny zavamisy eo an-toerana mikasika ny rano, fanadiovana, fidiovana
- Ahafantarana ny fomba misy eo amin'ny toerana ho tairina
- Ahitana ny mikasika ilay toerana amin'ny ankapobeny (antontan'isa, tetik'asa, aretina mateti-pitranga).

### **Mitsidika ny tanàna**

- Fijerena ireo toerana fangerena ankalamanjana
- Isan'ny kabone, ny toerana masina sy fady
- Olona hifandraisana
- Isan'ny tokantrano
- Fotoana hifanaovana amin'ny mpiara-monina, sns.

- **Milaza avy hatrany amin'ny manam-pahefana fa hanao asa hiadiana amin'ny fiparitahan'ny tay**
- **Maika haka olona vaovao hanamora ny fanairana**
- **Tsy fahaizana manadihady miafina na manao toy ny polisy**



**NY TSY  
TOKONY  
ATAO**


”

## FANAMARIHANA

Miankina amin'ireo vaovao voahangona sy zavatra hita nandritra ny pré-déclenchement ny fisafidianana ny teknika sy ny fitaovana entina hanairana ilay fokonolona hotairina.


Arahina "contre pré-déclenchement" ny pré-déclenchement mba hanamafisana ny fahafahan'ny fokonolona mandritra ilay fotoana hifanaovana. Atao andro vitsy na ora vitsy mialohan'ny fanairana izany.

## FANAIRANA NA DECLENCHEMENT



### I.FANAIRANA FOKONOLONA/TANÀNA

#### Dingana fanairana



”


## TEKNIKA FANAIRANA

- Kajikajina ny tay miparitaka
- Kajikajina ny vola lany amin'ny aretina
- Fifindran'ny tay mankany am-bava
- Diaben'ny tay na diaben'ny rikoriko
- Fikitihana ny maha-olona, henatra, ny rikoriko
- Rano anaty vera, sns.



## Vokatry ny fanairana

- Misy mampiseho fahavononana tanteraka ary manatanteraka fiovana avy hatrany, toy ny tahon'afokasoka harehitra manakaiky tobin-dasantsy.
- Misy ny mpiara-monina efa vonona ny hiova ny ankamaroany, saingy mbola misy olona vitsy tsy tapa-kevitra, toy ny afo mahavelom-panantenana.
- Misy ny mpiara-monina izay mbola be ny tsy resy lahatra ary mampiseho tsy fahavononana, toy ny vain'afô miparitaka.
- Misy ny olona rehetra ao an-tanàna mihitsy no tsy misy resy lahatra ary tsy te-hiala amin'ny fangerena ankalamanjana, izay no afokasoka lena.
- Amin'ny ankapobeny, ny tanàna nahita fahombiazana indrindra dia ireo izay manana fitarihana mavitrika.



## Fifampizarana andraikitra

- Fanamorana fototra
- Fanamorana fanampiny
- Fandraisana an-tsoratra
- Fandinhana ny fivoatry fanairana sy ny fihetsiky ny fokonolona; famehezana izay olona mety hanimba ny fanairana; fanairana manokana ny ankizy.

## Mampiavaka ny fotoana fanairana

- Fotoana mahataitra (ohatra : mahatsapa ny fokonolona famihinantay)
- Fipoiran'ireo mpitarika voajanahary.

## Fihetsikin'ny mpanamora mandritra ny fanairana

- Manamora ny fandrafetan'ny mpiara-monina drafitrasa hialana amin'ny fangerena ankalamanjana
- Manaitra ny fiantombohan'ny hetsika eo an-toerana eo no ho eo
- Mamporisika ny fifanampiana
- Mankasitraka ny finiavan'ny mpiara-monina hanampy ny sahirana indrindra
- Mamela ny olona hanatsara ny kabone tsotra efa misy
- Mahafehy ireo mpandray anjara mety hanimba ny fanairana
- Miteny ny olona ny tokony ataon'ny mponina, na ny tsara na ny ratsy
- Mitaky hetsika
- Manao tsinontsinona ny olona te-hanampy

- Mandray an-tanana ny rehetra
- Manao akanjo na fitondran-tena mety manafintohina ny tompon-tanàna
- Mitondra marika ahafantarana ny tetikasa na misarika ny mason'ny fokonolona amin'ny alalan'ireo fitaovana manaraka ny teknolojia avo lenta
- Tsy mandray anjara (manome hevitra) amin'ny ady hevitra hifanaovan'ny fokonolona
- Miteny hoe mihinan-tay alohan'ny mponina eo an-toerana
- Mampananga-tanana mialohan'ny fotoana.



- Tsy maintsy vangiana faran'izay haingana sy matetika ireo izay naneho fahavitrihana be indrindra hanova ny fomba fanao
  - Taratara ary elaela kokoa izay naneho fahavitrihana kely indrindra hanova ny fanao
  - Raha hita fa afokasoka nirehitra manakaiky tobin-dasantsy na afo mahavelom-panantenana :
- >> Hiaraho mametraka avy hatrany ny daty sy ny ora hamangianao azy ary ny antony hamangiana**
- >> Mampanantena fa hiverina afaka andro vitsivitsy.**

## 2.FANAIRANA ANDRIM-PANJAKANA

Fanairana ireo manam-pahefana eo amin'ny toerana hiasana, tanterahina eo anivon'ny Kaominina.

### Fizotry ny fanairana

I

#### **Fihaonana mialoha amin'ny mpiandraikitra ao amin'ny kaominina**

Tanjon'ny fihaonana (tsy lazaina hoe hanao fanairana)

- Fanomanana mialoha ny fihaonana amin'ireo andrim-panjakana na rafitra (Sekoly, Fiagonana, Tobim-pahasalamana, Kaominina, Zokiolona, Mpitarika ela netezana)
- Fametrahana ny ora sy ny toerana hanaovana ny fivoriana
- Fizarana ny fanasana ho amin'ny fivoriana
- Fanangonana ireo tsara ho fantatra mba hahalalana ny fomba fanairana mahomby tokony hampiharina, sy ireo teboka sarpady mety hahatafintohina ireo manam-pahefana ka mety hisy hifandraisany amin'ny fanadiovana
- Famaritana ireo tetika mety hahomby : tangalamena (resaka fady, fombantany, sns.), mpitondra fivavahana (fahotana, andinin-tenin-tsoratra masina, sns.)

2

#### **Fitsidihana ny kabonen'iray ireo andrim-panjakana eo an-toerana**

- Mila tafateny hoe mihinana tay
- Miara-manaiky fa mihinan-tay
- Vonona ny hiala amin'ny fhinanan-tay
- Manome vahaolana amin'ny hialana amin'ny fihinanan-tay
- Mitondra ny anjara birikiny amin'ny fanairana ho ataony amin'ny olona tarihiny.

- Fijoroana ho vavolombelona
- Fizaran'ny tanàna na olona vitsivitsy fomba fanao tsara nentiny nanafoana ny fangerena ankalamajana
- Fampirantiana vokatra na tolotra mahakasika ny fanamboarana kabone
- Fampisehoana ny draftrasa fanafoanana ny fangerena ankalamajana isaky ny andrim-panjakana
- Fananganana ny Komity Mpanamarina ny FDAL (Fokontany sy Kaominina)
- Fanehoana ny draftrasa fanarahamaso ny fanatanterahan'ireo asa vita ho fanafoanana ny fangerena ankalamajana, izay ho ataon'ireo manam-pahefana.

”


### **FANAMARIHANA**

Rehefa taitra ny kaominina dia :


- Manaiky fa hanafoana ny fangerena ankalamajana na misy na tsy misy fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka
- Manao sonia ny fanekena izay ataony
- Manafoana ny fangerena ankalamajana amin'ny alalan'ny andrim-panjakana (biraon'ny kaominina, tobim-pahasalamana, sns.)
- Fangerena ankalamajana dia olan'ny kaominina ka tokony ahitany vahaolana (miaraka ny andrim-panjakana, rafitra, hery velona, mponina).

## FOLLOW-UP MANDONA

### I.FAMARITANA



## Follow-up



## 2.FOMBA FIASA

**Vory ny mpiaramonina rehetra**



**Laharam-pahameana ny fanafoana ny toeram-pangerena ankalamanjana (ZDAL)**



**Asa  
haingana  
sady mora  
atao**

*Manamboatra sarona  
kabone*


*Manamboatra  
fanasana tanana*

Hatsaraina ny kabone mba tsy hampihina-tay amin'ny alalan'ny Pitson'Asa Fanao sady vita Izao dia Izao (PAFFI)

*Mametraka dina*

*Mametraka peta-drindrina  
fandraràna ny fangerena  
ankalamanjana*

### 3. FIZOTRY NY FUM





RANO WASH / Photos : Datery Razaka Rafenomanana

Vokatry ny  
**FUM**

**Dona  
mandona :  
voadona ianao  
dia mandona  
ny hafa**

**Dona  
mpiaritaka :  
voadonan'ny  
kabone an-  
tokantrano ny  
tanàna  
manontolo**


# Hampahomby ny FUM

## >> Manao "Pré-FUM"

- Mijery ny fivoaran'ny tanàna taorian'ny fanairana (andro vitsy mialohan'ny FUM)
- Mampahatsiahy ilay fotoana (FUM) hifanaovana sy mahaafaka ny ankamaroan'ny mponina (andro na ora vitsy mialohan'ny FUM) sy maka toky fa ho tonga avokoa ny olona rehetra eo an-tanàna amin'ny FUM
- Manomana tsara ny FUM
- Mijery, miaraka amin'ny Mpitarika Voajanahary sy manomana ilay tokantrano izay ho atao modely ny kaboneny (io no toerana hanaovana ny FUM).

## >> Mahafehy ny draftrasa nataon'ny tanàna ny mpanamora

## >> Nety tsara ny fanairana.



”

## FANAMARIHANA

**Ny FUM dia Tsy fitsidihana tokantrano.**

**Ny CLTS dia fomba fiasa tarihin'ny fokonolona fa Tsy Tantsoroka isantokantrano.**

Tsy tokony hisy elanelana be loatra ny datin'ny fanairana sy ny datin'ny FUM (I hatramin'ny 7 andro).

Misy ny **vangivangy tsotsotra aorian'ny fanairana**, tsy ampoizin'ny fokonolona, miresaka amin'ny mpitarika voajanahary (suivi de lendemain).

**Misy ny FUM avy hatrany dia raikitra ny ampitson'ny daty fanairana (FUM de lendemain).**



# Andiany 8

## FANAFOANANA NY FANGERENA ANKALAMANJANA

\*Open defecation free (ODF) / Libéré de la défécation à l'aire libre

### I. FANAFOANANA NY FANGERENA ANKALAMANJANA





*Araka ny lamina fanamarinana sata ODF nantontan'ny Ministeran'ny rano, fanadiovana, fidiovana*


## 2. DINGANA FANAMARINANA ODF



### 3. FAMPAHARETANA ODF








\* Tsy mampidi-doza, mora ampiasaina,sns

#### 4. FANARAHA-MASO AORIAN'NY ODF



# Andiany 9

**CLTS SY NY FANADIOVANA MIANKINA  
AMIN'NY TSENA**

## I. FITSINJOVANA NY TONTOLO IAINANA




Tay lavitra ny rano



Kabone maharitra sy tsy mampidi-doza

Manalavitra ny vovondrano



Amboarina amin'ny akora maharitra hita eny antoerana



## 2. VAROTRA TOLOTRA FANAMBOARANA KABONE



Mpivarotra na  
Mpanambotra  
kabone



Tolotra matianina  
Kabone maharitra, tsy  
mampidi-doza, misy lavaka,  
fanambaniny sy trano

**Manamora mba ho tsapan'ny  
fokonolona ny filàna ilay tolotra  
varotany (ohatra : fanamorana  
mandritry ny FUM, kabone  
amboarin'ny mpanamboatra ho  
kabone modely)**

## 3. VOAMAMI

**Manao ahoana ny fiaraha-monina misy VOAMAMI ?**



## 4. MAHA-ZAVA DEHIBE NY FANADIOVANA MIANKINA AMIN'NY TSENA

Mifantoka amin'ny **mpanjifa** na ny tokantrano tsirairay izay manana filàna manokana (**tinady**). Mahakasika vokatra izay: **kabone**. Ireo mpamokatra sy mpivarotra io vokatra io dia manome **tolotra** mahafa-po ireo mpanjifa ireo.

Ny Fanadiovanana miankina amin'ny **tsena** dia mampihaona ny tolotra sy ny tinady amin'ny vokatra kabone.

Mila kabone mifanaraka amin'ny filàn'ny olona, mba hampaharitra ny fampiasa azy ary afaka manome izany ny tolotra raha mipetraka tsara, fampaheratana, ny fialana amin'ny fangerena ankalamanjana.



**Tokantrano**

**Mpanjifa, mendrika ny hanana  
vokatra sahaza mifanaraka amin'ny  
filàny sy ny fahafaha-mividy**

**Kabone**

**Kalitao mahasarika ny fividianana  
sy fampiasana azy**

**Mpamokatra sy  
Mpivarotra**

**Manana fahaiza-manao  
hanomezana tolotra mifanaraka  
amin'ny filàn'ny mpanjifa**

## 5. FAMPIARAHANA NY CLTS SY NY FMT

1

### Ampidirana aoriana kelin'ny fanairana

Amin'ny alalan'ireo mpanamboatra (maçons) izay manana fahaiza-manao ahafahany manamboatra mifanaraka amin'ny filàn'ny mpanjifa : kabone tsy mampihinan-tay.

Manampy ny tokantrano hanao kabone dieny mialoha izany.

2

### Ampidirina rehefa mahafeno ny fepetra ODF ny tanàna iray

Ahafahana manatsara ny kabone vita mandritra sy aorian'ny fanairana sy ny FUM.

#### Ohatra

- Miara-miasa amin'ny mpanamboatra kabone eo antoerana, miara-manao programa : raha vao vita ny fanairana, manao hetsika ara-barotra mitety tanàna.
- Ny CLTS atokana ho an'ny tanàna madinika ary ny FUM ho an'ny tanàna lehibe.
- Miara manao hetsika eny anivon'ny VOAMAMI ny mpanaitra CLTS sy ny mpivarotra kabone.

”

## TOKONY HO TADIDY

- Hajaina ny tsy fanomezana tohana arabolana.
- Tsy maintsy ny mponina sy ny tokantrano no resy lahatra tanteraka fa tsy hihinan-tay intsony ary izy mitady vahaolana amin'izany.
- Tsy misy fanerena hividy fa ny mponina no mandray andraikitra araka izay heveriny fa mety. Azony atao ny manamboatra kabone araka ny fahaiza-manaony.
- Mila manana kabone mampaniry sy mety amin'ny fahefa-mividin'ny isan-tokantrano ny mpanamboatra.
- Mila manana fanamorana ahazoana ireo tolotra isan-karazany (ohatra : lavaka sy fanambaniny na lavaka sy fanambaniny sy trano, sns.)



Ity fitaovana enti-mampiofana ity dia novokarin'ny tetikasa RANOWASH izay novatsian'ny vahoaka amerikanina vola amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikanina ho an'ny fampandrosoana iraisam-pirenena (USAID) araka ny fifanaraham-piaraha-miasa AID-687-A-17-0000. Tompon'andraikitra feno amin'ny votoatiny ny mpanatanteraka ny tetikasa RANOWASH ary tsy voatery hamaritra ny hevity ny USAID na ny fanjakana Amerikanina io votoatiny io.

<https://ranowash.org>